



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FIHAONANA AMIN'I JESOSY, ARAKA NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I JAONA**  
**– LA RENCONTRE AVEC JESUS, SELON L'EVANGILE SELON JEAN**

Talata 28 jolay 2020  
Mardi 28 juillet 2020

**ILAY VEHIVAVY SAMARITANA (Jao. 4, 1-30)**  
**– LA FEMME SAMARITAINE (Jn. 4, 1-30)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :** Ry havana, hoy ny Tenin'Andriamanitra amintsika – *Chers frères et sœurs, la Parole de Dieu nous dit ceci :*  
« Izaho, izay miresaka aminao, no lzy » (Jao. 4, 26) - « *Je le suis, Moi qui te parle* » (Jn. 4, 26). Amen !

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :** Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

Misaotra indrindra izahay, ry Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, fa tsy mahafovy anay lanao ka mbola miantso anay hanana firaisana Aminao. Tahio àry izao fotoam-bavaka izao amin'ny fanatrehanao. Ary hamasino ny Teninao mba hiasa mahery aty anatinay, hankatoavanay ny Sitraponao.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, hany Tomponay sy hany Mpamonjinay, no angatahanay izany Aminao. Amen !

*Nous Te remercions vivement, ô Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, pour le témoignage de ton Amour incommensurable : Tu as bien voulu nous appeler à vivre avec Toi. Fais-nous sentir ta Présence dans cette veillée de prière. Et sanctifie ta Parole pour qu'elle agisse en nous, qu'ellenous fasse respecter ta Volonté. Nous Te demandons cela au Nom de Jésus-Christ, notre seul Seigneur et unique Sauveur. Amen !*

**Teny fampidirana – Introduction :** Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

- Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen ! – *Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*

- Hiditra avy hatrany amin'ny fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Jao. 4, 1-15 – *Entrons immédiatement dans la première partie de notre séance par la lecture de Jn. 4, 1-15.*

**Hira (Chant) chorale :** Mialoha izany anefa dia andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant de la chorale : Ahy i Jesosy (TMI).*

Tsy haiko na maro ireo misaina toa ahy  
Raha mandinika ny tontolo ety  
Toa anjakan'ny aizina  
Ka ny marina indray no miafy.

Indraindray aza aho dia solafaka mihitsy  
Mialona ireo mpanao ratsy,  
Manome tsiny Anao ry Ray :  
Ifonako eto izany.

Refrain :

*Ry foko tomany,  
Matetika ianao no manontany  
Hoe rahoviana no hifarana eh  
Ireo fahoriana be dia be ?*

*Nefa manana aho, Jesosy ô, manana Anao  
Ka tsy ahoako izany rehetra izany  
Sambatra aho manana Anao  
Anjarako eto an-tany.*

« Andriamanitra mahasoana ny olony tokoa dia ny madio fo.  
Fa izao dia saika nibolisatra ny tongotro, saika solafaka ny diako satria, nialona ny mpirehareha aho raha nahita ny fiadanan'ny ratsy fanahy.  
Iza no ahy any an-danitra ? Ary tsy misy ety ambony tany iriko tahaka Anao.  
Fa na dia levona aza ny nofoko sy ny foko dia mbola vatolampin'ny foko sy anjarako mandrakizay Andriamanitra.  
Ary, indro, very izay lavitra Anao, aringanao izay mahafofy Anao ».

## FIZARANA 1 – PARTIE 1

**Teksta 1 – Texte 1 : Jao. (Jn.) 4, 1-15 :**

1 Koa amin'izany, rehefa fantatry ny Tompo fa ny Fariseo efa nahare fa i Jesosy mahazo mpianatra maro sy manao batisa be noho Jaona 2 (Kanefa tsy i Jesosy no nanao batisa, fa ny mpianany), 3 dia niala tany Jodia Izy ka nankany Galilia indray. 4 Ary tsy maintsy mamaky an'i Samaria Izy. 5 Dia tonga tao an-tanàna anankiray any Samaria Izy, izay atao hoe Sykara, akaikin'ny tany izay nomen'i Jakoba ho an'i Josefa zanany. 6 Ary teo ilay fantsakan'i Jakoba. Ary satria sasatra Jesosy tamin'ny nalehany, dia nipetraka teo

am-pantsakana Izy, rehefa tokony ho tamin'ny ora fahenina. 7 Ary nisy vehivavy Samaritana anankiray avy hantsaka rano. Dia hoy i Jesosy taminy : « Omeo Aho hosotroiko ». 8 (Fa ny mpianany efa lasa nankany an-tanàna hivity hanina). 9 Fa hoy ravehivavy Samaritana taminy : « Nahoana lanao no Jiosy ka mangataka amiko hosotroina, nefa aho vehivavy Samaritana (fa ny Jiosy tsy manan-draharaha amin'ny Samaritana) ? 10 I Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe : 'Omeo Aho hosotroiko, dia ianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona' ». 11 Hoy ravehivavy taminy: « Tompoko, tsy manana fanovozana lanao sady lalina ny fantsakana. Koa avy aiza no ahazoanao izany rano velona izany ? 12 Lanao va lehibe noho i Jakoba razantsika izay nanome anay ity fantsakana ity, sady izy sy ny zanany mbamin'ny bibiny no nisotro teto » ? 13 I Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray. 14 Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay. Fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay ». 15 Hoy ravehivavy taminy : « Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta na hanketo hantsaka intsony ».

*1 Le Seigneur apprit que les pharisiens avaient entendu dire qu'Il faisait et baptisait plus de disciples que Jean. 2 - A vrai dire Jésus ne baptisait pas Lui-même, mais c'étaient ses disciples qui le faisaient. - 3 Alors Il quitta la Judée et retourna en Galilée. 4 Comme Il devait traverser la Samarie, 5 Il arriva dans une ville de Samarie appelée Sychar, près du champ que Jacob avait donné à son fils Joseph. 6 Là se trouvait le puits de Jacob. Jésus, fatigué du voyage, était assis au bord du puits. C'était environ midi. 7 Une femme de Samarie vint puiser de l'eau. Jésus lui dit : « Donne-moi à boire ». 8 En effet, ses disciples étaient allés à la ville pour acheter de quoi manger. 9 La femme samaritaine Lui dit: « Comment, Toi qui es juif, Tu me demandes à boire, à moi qui suis une femme samaritaine » ? - Les Juifs, en effet, n'ont pas de relations avec les Samaritains. - 10 Jésus lui répondit : « Si tu savais quel est le cadeau de Dieu et qui est Celui qui te dit : 'Donne-moi à boire', tu lui aurais toi-même demandé à boire et Il t'aurait donné de l'eau vive ». 11 « Seigneur, lui dit la femme, Tu n'as rien pour puiser et le puits est profond. D'où aurais-Tu donc cette eau vive ? 12 Es-Tu, Toi, plus grand que notre ancêtre Jacob qui nous a donné ce puits et qui a bu de son eau, lui-même, ses fils et ses troupeaux » ? 13 Jésus lui répondit : « Toute personne qui boit de cette eau-ci aura encore soif. 14 En revanche, celui qui boira de l'eau que Je lui donnerai n'aura plus jamais soif et l'eau que Je lui donnerai deviendra en lui une source d'eau qui jaillira jusque dans la vie éternelle ». 15 La femme lui dit : « Seigneur, donne-moi cette eau afin que je n'aie plus soif et que je n'aie plus à venir puiser ici ».*

### **Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Ny fahateraham-baovao – la nouvelle naissance :**

Jésus ne fait pas de différence  
 Jésus donne la vie éternelle  
 La demande de la femme samaritaine

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika mba - pour notre foyer pour que :

- -
- -
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher pour que :*
  - -
  - -

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, mila izany fahateraham-baovao izany izahay kristiana eto amin'ny FPMA. Ary izay efa miaina izany, dia angatahinay mba ho hamasininao ho tamana amin'izany fiainam-baovaon'ny olom-boavonjy nomenao azy izany. Aza avela hiroaroa saina fa ampaherezo hahita fifaliana sy fiadanam-po miaraka Aminao – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, nous avons besoin de cete nouvelle naissance. Et nous Te demandons aussi de sanctifier ceux qui vivent déjà une vie nouvelle avec Toi. Ne leur permet pas de douter mais reconforte-les dans ta Joie et dans ta Paix.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, amen !*

**Hira (Cantique) : 354, 1-3 : Ny Mpamonjy no mitady :**

1. Ny Mpamonjy no mitady fihavanana aminao  
Izy no manambitamby hanatonanao izao.  
Sao manjary fandatsana ny fifonana aminao,  
Ka ny mety mihavana amin'ny Mpamonjy izao.
2. Dieny misy hafanana ka mangoraka ny fo,  
Manatona ny Mpamonjy sao dia mangatsiaka indray.  
Izao no andro Famonjena ka vonjeo sao neninao  
Ry mpanota, miverena izao ankehitriny izao.
3. Sao ity no toriteny fara-fanasana anao,  
Sao anio no fotoana fara-ahavelomanao.  
Ka aza mba misalasala sao manjary neninao,  
Raho tsy mety mahalala izao fotoana mety izao.

**FIZARANA 2 – PARTIE 2**

**Teksta 2 – Texte 2 : Jao. (Jn.) 4, 16-24 :**

16 Hoy i Jesosy taminy : « Andeha àry, antsoy ivadinao, ka mankanesa aty. 17 Ravehivavy namaly ka nanao taminy hoe : « Tsy manam-bady aho ». Hoy i Jesosy taminy : « Marina ihany izay nolazainao hoe : 'Tsy manam-bady aho 18 fa efa nanam-bady indimy ianao, sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny : marina izany voalazanao izany ». 19 Hoy ravehivavy taminy : « Tompoko, hitako fa mpaminany lanao. 20 Ny razantsika nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity, fa ianareo kosa milaza fa any Jerosalema no tokony hivavahana. 21 Hoy i Jesosy taminy : « Ravehivavy, minoa

Ahy, fa avy ny andro ka tsy amin'ity tendrombohitra ity, na any Jerosalema aza, no hivavahanareo amin'ny Ray ». 22 Ianareo mivavaka amin'izay tsy fantatrarao, izahay kosa mivavaka amin'izay fantatray, satria avy amin'ny Jiosy ny Famonjena. 23 Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana : fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. 24 Andriamanitra dia Fanahy ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.

**16** « *Va appeler ton mari, lui dit Jésus, et reviens ici* ». **17** *La femme répondit : « Je n'ai pas de mari ».* Jésus lui dit : « *Tu as bien fait de dire : 'Je n'ai pas de mari',* **18** *car tu as eu cinq maris et l'homme que tu as maintenant n'est pas ton mari. En cela tu as dit la vérité* ». **19** « *Seigneur, lui dit la femme, je vois que Tu es un prophète.* **20** *Nos ancêtres ont adoré sur cette montagne et vous dites, vous, que l'endroit où il faut adorer est à Jérusalem* ». **21** « *Femme, lui dit Jésus, crois-Moi, l'heure vient où ce ne sera ni sur cette montagne ni à Jérusalem que vous adorerez le Père.* **22** *Vous adorez ce que vous ne connaissez pas. Nous, nous adorons ce que nous connaissons car le Salut vient des Juifs.* **23** *Mais l'heure vient, et elle est déjà là, où les vrais adorateurs adoreront le Père en esprit et en vérité. En effet, ce sont là les adorateurs que recherche le Père.* **24** *Dieu est Esprit et il faut que ceux qui L'adorent L'adorent en esprit et en vérité* ».

## **Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :**

Ny fanaikem-pinoan'ilay vehivavy Samaritana  
Mivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny marary sy ireo mpitsabo mba – *pour les malades et les soignants pour que :*
  - –
- –ho an'ireo mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*
  - –
  - –

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

Andriamanitra Tompo ô, ampianaro ny lalanao izahay mba hiankinanay Aminao. Aza avela hanalavitra Anao izahay fa taomy hibebaka isan'andro. Ampianaro tsy hiantehitra amin'ny herin'ny tenanay izahay fa hiankina Aminao mba hahitanay ny halehiben'ny fitondranao noho ny fitiavanao anay – *Seigneur notre Dieu, apprends-nous ton chemin pour que nous soyions dépendants de Toi. Ne nous permets pas de nous éloigner de Toi mais apee-le-nous, tous les jours, à la repentance. Apprends-nous à ne pas nous reposer sur nos performances mais que nous trouvions refuge en Toi afin de constater la grandeur de ta Conduite, fruit de ton Amour pour nous.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay no anaovanay izany vavaka izany. Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, notre Seigneur, que nous faisons cette prière. Amen !*

**Hira (Cantique) : 363, 3-4 : Ry olo-mahantra :**

3. Tsy misy mpiantra mba hitsinjo anao,  
Hafa tsy ny Mpamonjy, izay mitady anao

Fiverenana :

*Ry olo-mahantra !*

*:: Modia, modia re :: !*

4. Tsarovy ny Rainao, mahaleho anao,  
Ka miandry tokoa hampandroso anao.

**FIZARANA 3 – PARTIE 3**

**Teksta 3 – Texte 3 : Jao. (Jn.) 4, 25-30 :**

25 Hoy ravehivavy taminy : « Fantatro fa avy ny Mesia (ilay atao hoe Kristy). Ka rehefa tonga Izy, dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra ». 26 Hoy i Jesosy taminy : « Izaho, izay miresaka aminao, no Izy ». 27 Ary tamin'izay dia tonga ny mpianany ka gaga, satria vehivavy no niresahany. Nefa tsy nisy nanao hoe : « Inona no tadiavinao » ? Na : « Nahoana no miresaka aminy lanao » ? 28 Dia nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe : 29 « Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra : izao angaha no Kristy » ? 30 Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin'i Jesosy.

*25 La femme Lui dit : « Je sais que le Messie doit venir, Celui que l'on appelle Christ. Quand Il sera venu, Il nous annoncera tout ». 26 Jésus Lui dit : « Je le suis, Moi qui te parle ». 27 Là-dessus arrivèrent ses disciples, et ils étaient étonnés de ce qu'Il parlait avec une femme. Toutefois, aucun ne dit : « Que lui demandes-Tu » ? ou : « Pourquoi parles-Tu avec elle » ? 28 Alors la femme laissa sa cruche, s'en alla dans la ville et dit aux habitants : 29 « Venez voir un homme qui m'a dit [tout] ce que j'ai fait. Ne serait-Il pas le Messie » ? 30 Ils sortirent de la ville et vinrent vers Lui.*

**Fanamarihana 3 – Commentaires 3 :**

Jésus se révèle

La femme samaritaine devient évangéliste

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que :*
  - –
- –ho an'ny mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*
  - –
  - –

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, ka taomy izahay hiala amin'ny fitokianay an'izay heverinay fa mety fa hiantehitra amin'ny Sitraponao kosa. Miasà amin'ny

fiainanay lanao mba hahazoanay miara-miaina Aminao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, et fais-nous sortir de la confiance que nous accordons exclusivement à nous-mêmes mais que nous cheminons avec ta Volonté. Agis en nous pour que nous puissions vivre cette communion vivante avec Toi.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

**Hira (Cantique) : 406, 1-3 : Manenina aho, Ray masina ô :**

1. Manenina aho, Ray masina ô !  
Fa simba ny tsirin'ny aina  
Izay nambolenao tanatin'ny fo  
Dia lanin'ny ota ka maina.
2. Indrisy ny fahadisoako, re !  
Fa maro tsy tambo isaina.  
Kanefa, ry Tompoko, mba mamonje  
Ity ory, izay mitaraina !
3. Havaozy indray ny fanahiko izao  
Andrao lasa ho babon'ny helo.  
Ka ny fivalozako mba raisonao,  
Vonjeo ny fo malahelo !

**FANDRAVONANA SY FAMPAHEREZANA – CONCLUSION ET EXHORTATION :**

**Teksta – Texte : Efes. 2, 10-16 :**

10 Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo, mba handehanantsika eo Aminy. 11 Koa tsarovy fa fahiny ianareo izay jentilisa araka ny nofo, ka nolazain'ny voaforan-tanana teo amin'ny nofo hoe 'tsy voafora', - 12 eny, tsarovy fa tamin'izany andro izany dia tsy nanana an'i Kristy ianareo, fa olon-ko azy tamin'ny fanjakan'ny Isiraely ary vahiny tamin'ireo faneken'ny Teny Fikasana, dia tsy nanana fanantenana sady tsy nanana an'Andriamamnitra teo amin'izao tontolo izao. 13 Fa ankehitriny kosa, ao amin'i Kristy Jesosy, ianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken'ny Ran'i Kristy. 14 Fa Izy no fihavanantsika, izay nahiray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana. 15 Fa tao amin'ny Nofony no nandravany ny fandrafiana, dia ny lalàna misy didy natao hotandremana, mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin'ny Tenany ho olombaovao iray, ka hanaovany fihavanana, 16 ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny Hazo-Fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana.

*10 En réalité, c'est Lui qui nous a fait : nous avons été créés en Jésus-Christ pour des œuvres bonnes que Dieu a préparées d'avance afin que nous les pratiquions. 11 C'est pourquoi, souvenez-vous qu'autrefois, vous étiez identifiés comme non juifs dans votre corps, appelés incirconcis par ceux qui se disent circoncis et qui le sont dans leur corps,*

*par la main de l'homme. 12 Souvenez-vous qu'à ce moment-là, vous étiez sans Messie, exclus du droit de cité en Israël, étrangers aux alliances de la promesse, sans espérance et sans Dieu dans le monde. 13 Mais maintenant, en Jésus-Christ, vous qui autrefois étiez loin, vous êtes devenus proches par le Sang de Christ. 14 En effet, Il est notre Paix, Lui qui, des deux groupes, n'en a fait qu'un et qui a renversé le mur qui les séparait : la haine. 15 Par sa Mort, Il a rendu sans effet la loi avec ses commandements et leurs règles, afin de créer en Lui-même un seul homme nouveau à partir des deux, établissant ainsi la paix. 16 Il a voulu les réconcilier l'un et l'autre avec Dieu en les réunissant dans un seul corps au moyen de la croix, en détruisant par elle la haine.*

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Hira (Chant) chorale :** Andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant de la chorale : Jesosy ro Hazomanga soa (KTKL).*

1. I Jesosy ro Hazomanga soa  
Fitahian-drake, firegnem-be tokoa  
Gne mino Azy : olo afaky havoa  
Gny devoly, lavitsy Azy moa.

Fiverenana :

- Ahiko i Jeso baky etoy (baky etoy)  
Ahiko i Jeso traky eroy (lava rehaky eh)  
Lava rehaky eh gny aiko izao  
Managna an'i Jeso agnateko ao.
2. Ndra ino ino gny soa etoy  
I Jeso tsy atakalo ndraike tsy azo afovy  
Tsy ampirafesy amin-drata fe atao  
Gny finoagn'Azy agnaty ao.



3. Baiboly ro ahaveloma soa  
Tano ka vakio, laha ka mihemotsy eh koa  
Taomy gny longo mba ho afaky havoa  
Fa i Jeso ro Hazomanga soa.

A/C : Ramaha RAKOTONIAINA (Président d'honneur KTKL)

Kristianina Tanora Kitan'i Lotera

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

Isorana anie Andriamanitra – *Nous remercions le Seigneur Dieu.*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**